REPOBLIKAN' I MADAGASIKARA
Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

MINISITERAN'NY FITANTANAM-BOLA
SY NY TETIBOLA

SEKRETARIA JENERALY

FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE
MOMBA NY HETRA

FEHEZAM-PITSIPI-PITONDRAN-TENAN'NY FANDRAHARAHANA ARA-KETRA

DIDIM-PITONDRANA
LAHARANA FAHA-6103/2008

NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

Araky ny Laläm-panorenana;
Araky ny Didim-panjakana laharana faha-2007-022 tamin'ny 20 Janoary 2007 mikasika ny fanendrena ny Praiministra, Lehiben'ny Governemanta;
Araky ny Didim-panjakana laharana faha- 2007-025 tamin'ny 25 Janoary 2007, novain'ny didim-panjakna laharana faha - 2007-120 tamin'ny 19 Febroary 2007 sy ny didim-panjakana laharana faha- 2007-926 tamin'n y 27 Oktobre 2007 mikasika ny fanenedrena ny mambran'ny Governemanta;Araky ny Didim-panjakana laharana faha- 2007-185 tamin'ny 27 Febroary 2007, novain'ny didim-panjakana laharana faha- 2007-633 tamin'ny 10 Jolay 2007, mamaritra ny andraikitrin'ny Minisitry ny Fitantanam-bola sy ny tetibola ary ny fandaminana ankapobe ny Minisitera iadidiany;
Araky ny Laläna laharana faha- 2003-11 tamin'ny 03 Septambra 2003 mamaritra ny Sata ankapobe mifehy ny Mpiasam-panjakana;
Araky ny Didim-panjakana laharana faha-2003-1158 tamin'ny 17 Desambra 2003 momba ny Fehezam-pitsipika amin'izay tokony hatao amin'ny Fandraharahana ara-panjakana sy ny fitsipi-pitondran-tena mendrika ny mpiasam-panjakana

LOHATENY I – SEHATRA FAMPIHARANA

Sokajy 1. Ny amin'ny fampiharana azy

Andininy voalohany : Ny amin'ny fampiharana azy

Ny fepetra ao amin'ity fehezam-pitsipika ity dia mihatra amin'ny mpiara-miasa rehetra ao amin'ny hetra: ny Mpisafo raharahan'ny hetra, ny Mpanara-mason'ny hetra, ny mpandraharahan'ny hetra ary koa ireo mpandraharaha avy amin'ny antokon-draharaha iraisa-ministera, ireo mpandraharaha fameno miasa ao amin'ny Foibem-pitondrana ankapobe momba ny hetra.

And. 2 – Ny amin'ireo fotokevi-baventy

Foto-kevi-baventy maro no mifehy ny fitsipika ara-deontolojikan'ny fandraharahana ara-ketra.

ny voalohany, izay ambony indrindra sy atao talaky maso dia ny foto-kevitra fanarahan-dalàna, izay midika ho fanajana ny Lalam-panorenana sy ny laläna manan-kery eto amin'ny tany;

ny faharoa, mikendry tombontsoam-bahoaka: foto-kevitra ilaina izay tokony ho takatry ny mpandraharaha rehetra;

ny fahatelo dia tambatry ny kalitao ara-pahamendrehana toy ny fahatokiana, fahamarinana sy fahitsiana izay maneho ny fiarovana ny hasin'ny fandraharahana, hamafisin'ny foto-kevitra lehibe indrindra.

Eo amin'ny sehatry ny asa:
- fampitovian-jo ny mpanjifa
- fanajana ny ambaratongam-pahefana
- fahombiazana
- ny fangaraharana afa-tsy amin'izay voatsinjon'ny laläna tena manokana
- ny fahazoan'ny mpanjifa mahafanta-javatra mivelatra hatrany.

Ho an'ny mpiasa
- fahafahana maneho hevitra sy fahalalan-tsaina
- fahalalahana miteny saingy amim-pitandremana (ao amin'ny asa: tsy fiandaniana sy fahamarinana; ivelan'ny asa : tsiambaratelon'ny asa sy fahamafisam-bava eo amin'ny asa)

And. 3 – Ny amin'ireo tanjona

Efatra ny tanjon'ity Fehezam- pitsipi-pitondran-tena ity; ny voalohany amin'ireo dia toy ny andry mihintsy:

- Atao izay hampanjary ny asa hisian'ny fitokisan'ny mpanjifa hahatonga ny fanamafisana ny fahefan'ny fandraharahana
- Manangana fomba hirosoana amin'ny fitsipika ara-deontôlôjika
- Mampihatra fitsipika ekena ho maneho ny fomba fiasa
- Tairina ny hisian'ny fironan'ny mpiasan'ny hetra ho amin'izany

LOHATENY II – FEPETRA ANKAPOBE

Sokajy 1. Ny amin'ny fanaovana ny asa

And. 4 – Ny amin'ny fanajana ny laläna manan-kery momba ny fandraraharana

Ny mpiasan'ny Fandraharahana ara-ketra rehetra dia tsy maintsy manaraka ny fandaminana ara-fitsipi-pifehezana ara-dalàna sy ara-pitantanan-draharaha manan-kery.

And. 5 – Ny amin’ny tsy maintsy hahaleovantena

Ny mpiasan'ny hetra dia tsy mahazo mikatsaka tombotsoa manokana mety manohintohina ny fahaleovantenany na manjary sakana amin'ny fanatanterahany ara-dalàna ny asany: tombotsoa ara-toe-karena mivantana na ankolaka ao amin'ny orin'asa eo ambany fanaraha-masony na ao anatin'ny fari-piadidiany, ny maha-mpikambana amin'ny antoko politika na fivavahana na ny hafa , mahatonga fahaverezan'ny tsy fiandaniana, ny tara-pifandraisana ara-pianakaviana na ara-poko.

And. 6 – Ny amin’ny maha-matihanina sy ny fahaiza-miasa

Ny mpiasan'ny hetra dia tsy maintsy manao ny asany am-pahaiza-manao ao anatin'ny fanajana ny foto-kevitra, fitsipika sy fomba matihanina.

And. 7- Ny amin’ny fiavahan’ny asa

Ny mpiasan'ny hetra dia tsy maintsy mikatsaka izay hampanaja ny maha-mampiavaka ny fanatanterahana ny asany sy ny fizakan-tenany ara-teknika. Manaja koa ny an'ny hafa izy.

Sokajy 2. Ny amin’ny fitondrantena

And. 8 – Ny amin’ny fahamalinana sy ny fahamendrehana

Ny adidy amin'ny fahamalinana dia mikendry ny tsy hanaovana fihetsika, teny na adihevitra politika, ara-pirehan-kevitra na ara-pivavahana, na dia ivelan'ny asa aza, izay mety manohintohina ny Fanjakana na Andrim-panjakana, izay manalabaraka ny asa ataon'ny mpitondra fanjakana ka mampidi-doza amin'ny endrika sy ny hasin'ny fandraharahana eo imason'ny mpanjifa.

Ny adidy amin'ny fahamendrehana dia mikendry ny amin'ny hananana toetra maotina sy mendrika amin'ny lafiny rehetra, ao anatin'izany ny fiainana manokana.

Ny mpiasan'ny hetra, eo am-perin'asa dia tsy mahazo manambara ny fikambanany ara-politika na ara-pirehan-kevitra, tsy mitomponteny fantatra ara-pivavahana na ara-politika, ka manelingelina ny tombotsoan'ny asa sy ny famendrehana amin'izany.

Eo amin'ny fampiasany ny zony hiteny dia tsy maintsy hambarany tsara fa miteny amin'ny anaran'ny tenany izy.

And. 9 – Ny amin’ny adidy hamita tsara ny asa

Ny mpiasan'ny hetra dia manana adidy hamita tsara ny asany amin'ny fannjana ny foto-kevitra na fenitra manaraka izao:

- Ora fiasana : atokana tanteraka ho amin'ny fanatanterahana ny asa
- Fanajana ny fe-potoana, ny tanjona sy ny fomba fiasa
- Tsy manao vadin'asa manohintohina ny tombontsoan’ny fitantanan-draharaha na mifanohitra amin'ny fahamendrehan'ny asa: ny vadin'asa tsy voarara dia tsy maintsy hahazoan-dàlana hampirafy asa avy amin'ny tompon'andraikitra mahefa. Azo atao ny asa manokana mampidi-bola ataon'ny mpiasam-panjakana na ny vadiny ka tsy eo ambany fanaraha-mason'ny fandraharahany na ny asany hiarovana ny voninahitry ny asa ary tsy atao ao amin'ny faritra sy mamono ny andraikiny mivantana (jereo andininy faha 12 amin’ny lalàna 2003-11 tamin’ny 03.09.03 momba ny Sata Ankapobe Mifehy ny Mpaisam-panjakana).
- Ho setrin’izany, ny Fandraharahana dia tsy maintsy mametraka tontolon'ny asa sy fiainana ara-dalàna ary fahazoana fiofanana mitohy hoan'ny mpiasa rehetra.

And. 10- Ny amin'ny fanahin'ny fiaraha-miasa sy ny fifanampiana

Ny mpiasan'ny hetra dia tsy maintsy mifanampy sy mifanotrona arak'asa sy ara-pitsipi-pitondran-tena. Manohana ny mpiara-miasa aminy izy eo am-panatanterahana ny asan'izy ireo sy ny fiarovana ity fehezan-didy ara-pitsipika ity. Araka izany dia manohina tsara ny filan'ny mpiara-miasa torohevitra momba ny vaholana arak'asa.

Noho izany, ny lehibe mivantana ao amin'ny Fandraharahana dia tsy maintsy manotrona avy hatrany

Manolo-tanana hanampy araka izay ilaina eo no ho eo ny lehibe isan’ambaratongany ao amin’ny Fitantanan-draharaha amin’ny Hetra raha toa ka sendra zava-mitranga manokana eo amin’ny asa na tojo toe-javatra mampihorohoro saina ny mpiasa.

Tokony hanana anjara hampitombo ireto eo amin’izy samy izy ny mpiasan’ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra :

- kolontsaina mandala ny maha izy ny tena, ho tompondraharaha amin’izay atao, hanana hambompo sy hiray hina
- fanahin’ny fiarahana miasa mahatsiaro ho vondrona iray manatsara ny fifandraisana eo amin’ny izy samy izy
- fivelaran’ny maha izy ny isam-batan’olona
- serasera ifanaovana eo amin’ny ambaratonga samihafa na mitovy

And. 11 – Ny amin’ny adidy hiasa am-pahitsiana

Am-pahitsiana tanteraka sy amim-pomba mangarahara feno no hanatanterahan’ny mpiasan’ny Fitantanan-draharaha momba ny hetra ny asany. Halaviriny ny toe-javatra sy ny fitondran-tena mifanipaka amin’ny adidiny na mety hiteraka ahiahy momba ny fahitsiany.

And. 12 – Ny amin'ny adidy hiasa madio

Manana adidy hanaja tanteraka ny fanaovana asa madio ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra. Tokony ho porofoina amin'ny fitandroana ny fitsipiky ny fitondran-tena izany aiddy izany.

Hajainy noho izany ny hisian'ny fihetsika marina manalavitra fanohitohinana azy ary hialany ny handray na hangataka tombontsoa tsy tandrify azy, fikarakarana azy na kadoa noho ny asa notanterahiny.

Manao ireto ny mpifehy isan'ambaratongany:

- fijoroana amina toetra fakan- tahaka sy tsy misy tsininy amin'ny fahamarinana sy fahitsiana,
- fampatsiahivana isam-potoana amin'ny mpiara-miasa entina ny adidiny sy ny fitokiana aminy, mba hiarovany ny mpiasa entiny sy ny tenany rahateo tsy ho tojo fifanolanan'ny tombontsoa manokana sy ny tena izy – goavana na heverina ho goavana - amin'ny asa,
- firosoana amin'ny fisafoana anaty eo amin'ny toeram-piasana ary fampahafantarana tsy am-pihambahambana ny tsy fahalavorarian'ny fiasana madio,
- fametrahana fiofanana momba ny deôntôlojia: resaka atao amin'ny fo madio sy amin'ny mangarahara tanteraka

And. 13 – Ny amin'ny adidy hiady amin'ny kolikoly

Amin'ny antsipiriany no hampiharan'ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra ny rijan-kevitry ny tsy fitanilana, ny fahamarinana ary ny fahamendrehana mandritra ireo asa apetraka aminy. Heverina ho halatra na fivadiham-pitokisana ny fisintomana lelavola, na be na kely, na vonjimaika aza, na hosoloana antoka taratasim-bola na zavatra hafa manam-bidy.

Tsy mangataka na manaiky handray tombontsoa avy amin'ny mpandoa hetra mba hanatanterahana na tsy hanatanterahana zavatra iray mifandraika mivantana na ankolaka amin'ny asany izy.

Ny fakana tombontsoa na toky hanome tombontsoa taorian'ny fangatahana na fanolorana izany ataon'ny mpiasa na ataon'olon-kafa te hanatsotra, hanatanteraka na tsy hanatanteraka asa iray mifandraika mivantana na ankolaka amin'ny sehatry ny andraikitra no atao hoe kolikoly. Anisan'izany koa ny fakana tombontsoa na fandraisana izay hanana endrika fanomezana na tsy notakiana ho anisan'ny tokony atao aza io fanomezana io. Midadasika miainga eo amin'ny fanehoam-pihavanana tsotra mankany amina fatorana ary tonga hatrany amin'ny geja ny atao hoe kolikoly.

Ny mpiasam-panjakana mitaky vola, ambara ho toy ny ara-dalàna, na fanomezana na tombontsoa raisiny no antsoina hoe fakambola tsy ara-dalàna.

Tsy maintsy ambarany amin'ny lehibeny ny fisian'ny andrana ataon'ny mpandoa hetra mba hanome zavatra na tombontsoa ho valina fiangarana na fikarakarana manokana.

Laviny izay rehetra mety ho fanomezana na ohatrinona na ohatrinona, fikarakarana, fiangarana, fanasana na tombontsoa hafa, na ho voarainy mivantana na voarainy mita, ka mety hanova ny fanapahany hevitra, hanimba ny tsy fitanilany ary hahatonga ahiahy ny amin'ny fahitsiany na ny fahitsian'ny asan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra.

Tsy mangataka tombontsoa mba hampiasany ny fahefany, tena fahefany na mody fahefany, mba hahazoana fanapahan-kevitra mifanitsy amin'ny tombontsoany izy: izay fampiasana fahefana izay no atao hoe fanararaotana fahafantarana olona.

Mba hampiroboroboana ny fangaraharàna eo amin'ny fanatanterahana ny asam-panjakana, ny Mpisafo raharahan'ny hetra,ny Mpanara-mason'ny hetra, ireo mpiasa nahavita fihanianana sy ireo mpiasan'ny hetra manana ny laharan'ny manamboninahitry ny polisy na mandray olona dia tsy maintsy manao fanambaram-pananana isam-banim-potoana. Ny fanambaram-pananan'ireo voakasik'izany dia apetraka eny amin'ny Birao Mahaleotena Iadiana amin'ny Kolikoly.

And. 14 – Ny amin'ny adidy hanaja ny tsiambaratelon'ny asa sy ny tsiambaratelon'ny kirakira eo amin'ny asa (Araky ny andinina 20.06.09 sy 20.06.10 ny Fehezan-dalàna Ankapobeny mifehy ny Hetra)

Tsy mahazo mamoaka andinindininy, zava-misy ary antontan-taratasy fantany teo am-panatanterahana ny asany ny mpiasan'ny Fitantanan-draharahan'ny Hetra, raha tsy amin'ny manan-jo ho amin'izany araka ny lalàna mba tsy hanohintohina ny fiainan'ny mpandoa hetra manokana, mba tsy hiharan'ny fanenjehana fanasaziana ao am-piasana na famaizana any amin'ny fitsarana. Mahazo mamantatra andinindinina asa eo am-pelatanan'ny Fitantanan-draharahana momba ny Hetra ny manana andraikitra iray raha ilainy amin'ny asany manokana izany, ka tsy ampiasainy ho an'ny tombontsoan'ny tenany manokana na natao hamelezana olon-kafa izany. Ireto no antsoina hoe tsy fanajana ny tsiambaratelon'ny asa :

- famoahana andinindininy manokana ampiasain'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra,
- famoahana andinindininy voaray ao anatin'ny asa na nankinina tamin'ny mpiasa noho ny asany, andinindininy nampahafantarina olona ankoatra ny tompon-draharaha,
- famoahana tsy ara-dalàna andinindininy amina olona ankoatra ny voafaritry ny lalàna,
- famoahana andinindininy natao hampidi-doza mpandoa hetra eo amin'ny sainy na eo amin'ny fananany na eo amin'olon-kafa noho izy.

Mety hisian'ny fanenjehana ho famaizana any amin'ny fitsarana ny fanaovana izany, mety ho fanasaziana eo amin'ny asa fotsiny raha toa ka tsy nahy ny nanaovana izany.

Tsy zavatra tsy azo ivalozana ny fotokevitry ny tsiambaratelon'ny asa, araka ireto maningana ambaran'ny lalàna ireto: fampitana andinindininy mankany amin'ny fitsarana, mankany amin'ny vaomiera mpanao fanadihadiana amin'ny andrim-panjakana mpanao lalàna, ho an'ny sehatra iraisam-pirenena manao fanampiana, ho an'ny fiadidian-draharaha mpampihatra lalàna momba ny fiaimpiainan'ny mponina.

Arahi-maso sy kenakenaina fatratra ary atao miavaka tsara ny fanomezam-pahefana haningana amin'izany. Natao hanaja ny tsiambaratelon'ny asa ny olona mahazo izany fahefana haningana izany.

Ny amin'ny adidy hanaja ny tsiambaratelon'ny asa ho an'ny mpiasa :

- fanajana ny fiainan'ny mpandoa hetra manokana,

- fahazoana andinindininy manaja ny lalàna manan-kery,
- tsy fanodinkodinana andinindininy ho an'ny tombontsoan'ny tena – ny fianakaviana – olom-pantatry ny tena manokana,
- ferana araka izay voafetran'ny lalàna sy amina olona na sehatrasa voatondron'ny lalàna ny fampitana andinindininy amin'izany.

Ny amin'ny adidy hanaja ny tsiambaratelon'ny asa ho an'ny mpifehy isan'ambaratongany :

- miantoka ny fahafantaran'ny olom-peheziny ny hevitry ny tsiambaratelo sy ny vokatry ny tsy fanajana izany (sazy amin'ny asa / famaizana amin'ny fitsarana),
- mampatsiahy isam-potoana,
- misafo isam-potoana ny fanajana izany,
- fanasaziana tsy mihambahamba ho an'ny mpandika azy,
- fanatanterahana fivoriana fanentanana ary fametrahana fiofanana momba ny deôntôlojia amin'ny fo madio sy amin'ny mangarahara tanteraka.

Ankoatra izany, manana adidy amin'ireto ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra :

- miaro ny tsiambaratelon'ny olona isanisany,
- miaro ny tsiambaratelon'ny kirakiran-draharaha izay mety hanohintohina ny fahavitana tsara ny asa na mety hanohintohina ny hajan'ny fitantanan-draharaha (heverina ho tsy azo aboraka izay rehetra mahakasika ny fiainana anaty sy ny asan'ny fitantanan-draharaha).
- Tsy manodina na mampita amina olon-kafa ny taratasy na antontan-taratasina asa mba tsy hahazoana sazy amin'ny asa izay mety hiafara amin'ny fandroahana. (Tenimita laharana 160 MEFB/SG tamin'ny 06 desambra 2004 – araka ny and. 15 amin'ny lalàna lah 2003-011 tamin'ny 03 septambra 2003 mikasika ny Sata Ankapobe mifehy ny Mpiasam-panjakana)

Azo ampiharina amin'ny olona ivelan'ny Fitantanan-draharaha, eo amin'ny samy mpiasam-panjakana amin'ny fiadidian-draharaha samihafa ity adidy hanaja ny tsiambaratelon'ny kirakira eo amin'ny asa ity. Somary malefaka izany manoloana ny adidy hampahalala ny vahoaka (fampitana amin'ny mpanjifa amin'ny fomba mangarahara fatratra sy fampahafantarana tsara hatrany mba hahatonga ny olona ho tia mandoha hetra sy ho olom-pirenena vanona manoloana izany; adidy sarotra arovona tokoa ireo).

Antsoina hoe antsirambina amin'io adidy io ny famoahana andinindininy ataona mpiasa araka ny nahim-pony ka tsy nahazoany alalana amin'ny mpifehy azy.

And. 15 – Ny amin'ny fiarovana manoloana ny loza sy herisetra ary fandrahonana

Tokony hiaro ny mpiasa manoloana ny fanambanana sy fanafihana mety hanjo azy eo am-panatanterahana ny asany ary hanonitra ny zava-doza nianjady taminy ny Fandraharahana mikasika ny Hetra ankoatra ny zo mifanaraka indrindra amin'ny fitsipika manankery ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana sy ireo lalàna velona hafa momba ny fanafihana, ny fanambanana, fanivahivana, ny faniratsirana sy ny fanalam-baraka mety hianjady aminy.

Arotsaky ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra manontolo ho an'ilay niharam-boina izay onitra azo avy amin'ny mpanambana sy ny mpanafika araka io voalaza eo ambony io.

Manan-jo hijoro ho mpitory any amin'ny fitsaram-pamaizana mivantana ihany koa izy ankoatra izany amin'io antony io ihany raha heveriny fa ilaina ny manao izany.

Mety hipaka hatrany amin'ny ankohonan'ilay mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra niharan'ny fanafihana na ny fanambanana natao noho ny asany izany fiarovana izany.

And. 16 – Ny amin'ny fampitaovana enti-miasa

Tokony hanana toeram-piasana misy fampitaovana sahaza, trano manara-penitra mba hahafahana mitana ny tsiambaratelon'ny asa ary fampitaovana teknika ampy araka ny filan'ny asa atao ny mpiasan'ny Fitantanan-draharahan'ny Hetra.

Miantoka ny fananan'ny mpiasany vaovao sy fampitaovana ilaina amin'ny fahavitany ny andraikiny ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra.

Ny fitantanan-draharaha da tokony manao izay tratry ny heriny amin'ny fanatsarana ny fiainan'ny mpiasa: fanatsarana ny karama mifanaraka amin'ny vidim-piainana, fampivoarana ny mpiasa eo amin'ny sehatry ny asa misy azy.

Sokajy 3. Fifandraisana amin'ny mpandoa hetra

And. 17 – Ny amin'ny "fenitra amin'ny tolotr'asa sy ny toeram-piasana" sy ny fanajana ny mpandoa hetra

Tokony handray anjara mahomby , araka ny andraikitra manandrify azy avy, amin'ny fampiroboroboana ny fanajana ny "standard de service" sy ny fanajana ny mpandoa hetra ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny hetra :

- mari-pamantarana ny karazam-birao
- fitondrana famantarana ny maha mpiasa
- birao fandraisana sy fakan'ny manan-draharaha torolalana
- fametrahana peta-drindrina momba ny fomba fikarakarana antontan-taratasy, faharetan'ny fikarakarana samihafa sy ny toerana handoavana azy
- kalitaon'ny fandraisana (fahaiza-mihaino sy fanomezana fahafaham-po ny olona manontany)

- fikarakarana tsy miangatra ny manan-draharaha rehetra
- fahazoana mitsongo dia ny antontan-taratasy mba hahafahana manara-maso
- fandaminana manafoana ny mpisavika raharaha sy ny mpanelanelana
- fidifiana ny tsy fisian'ny taratasy fampiasa sy ny fitaovana fampiasa hafa ary vola madinika hamerenana
- fandrindrana valin-teny iombonana amin'ny taratasy alefan'ny manan-draharaha mamkamin'ny fiadidian-draharaha araka ny fe-potoana apetraky ny fitsipika

- fametrahana sy fitrandrahana vata fandrotsahana fitarainana

And. 18 – Ny amin'ny adidy hanaja ny zon'ny mpandoa hetra

Tokony hanao ireto fanajana ireto amin'ny mpandoa hetra ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny hetra :

- Fitovian'ny olom-pirenena rehetra manoloana ny lalàna sy ny fanomezana fahafaham-po ny olona manontany
- Ny tsy fitanilana
- Ny fangaraharana
- Ny kalitaon'ny fandraisana
- Ny fahalalam-pomba
- Ny famendrehana

And. 19 – Ny amin'ny adidy hikarakara tsy miangatra sy ny adidy tsy hiandany

Tokony hikarakara ny mpandoa hetra amin'ny fomba tsy miangatra sy tsy miandany ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra, ka tsy hijery fiaviana, foko, faharesen-dahatra pôlitika, fiôzôfika na sendikaly.

Sokajy 4. Ny amin'ny fifandraisan'ny samy mpiara-miasa

And. 20 – Ny amin'ny adidy hifanaja

Tokony hifanaja amin'ny tsy fiandaniana sy ny tsy fitanilana ny samy mpiasan'ny Fitantanan-draharahan'ny Hetra :

- fifanajana tsy ijerena andraikitra, asa, filaharana, ny zo zakaina ankehitriny na tany am-pahaterahana, na koa karazana, volon-koditra, firaisan-dra, firenena niaviana, maha lahy na vavy na fironana amin'ny filan'ny nofo, fiankohonana, fahaterahana, fiteny, foko, harena, taona, faharesen-dahatra amin'ny finoana na amin'ny filôzôfia, fahasalamana, kilema na toe-batana, …
- fanalavirana fisehoana ho sangany na fanambaniana mitaha amina antokon-draharaha, maha tomponandraikitra, araka ny filaharana, araka ny asa na noho ny maha izy ilay olona.
- fanalavirana herisetra ka tsy hanaovan'ny mpitondra amin'ny olona entina teny mandratra na teny ratsy na mitanaraka mikitrana na noho ny filan'ny nofo eo amin'ny toeram-piasana

And. 21 – Ny amin'ny adidy hanaja ny fifandraisana araka ny fifehezana isan'ambaratonga

Tokony hanaja ny fifandraisana araka ny fifehezana isan'ambaratonga amin'ny asa ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra, indrindra amin'ireto toe-javatra ireto :

- Fanajana sy fankatoavana ny lehibe amin'ny antanantohatra.
- Fanatanterahana toromarika araka ny lalàna manan-kery
- Fanajana sy fanomezan-kasina ny olom-pehezin'ny ambaratonga ambony. Tokony tsy hisy toromarika ivelan'ny asa na fitakiana hanatanteraka baiko miharihary ho tsy ara-dalàna. Tsy tokony hisy fanaparam-pahefana.
- Fandrafetana mandeha ambaratonga ny fifandraisana : mety ho fehezina sady mpifehy mpiasa hafa ny mpiasa iray
- Zo hahazo toromarika fameno sy fahafahana manapaka hevitra hampandeha tsara ny raharaha. Andinindininy omena avy hatrany ho an'ny toromarika azo amin'ny manampahefana hafa isorohana ny fifandonan'ny samy olona raha tsy hotanterahina ny baiko tsy manara-dalàna
- Manone baiko sy torolalana mazava sy hentitra, amin'ny fotoana liana azy ny mpifehy amin'ny ambaratonga mba ho azo antoka fa mazava ny teniny, mba ho fanampiana sy ho fanohanana araka ny ilaina sy sahaza ny baiko omena.
- Mandray anjara amin'ny fiarovana ny feheziny manoloana ny tafahoatra ataon'ny mpiara-miasa na olon-kafa ny mpifehy isan'ambaratonga

Afaka tsy manatanteraka ny baiko mifanipaka amin'ny lalàna sady mety hanohintohina ny tombontsoan'ny asa, ny manna-draharaha na mamatotra amin'ny fomba tafahoatra ny andraikiny ny Mpiasan'ny Fandraharahana Hetra.

Afaka mangataka firaketana an-tsoratra izy ho fiarovany tena raha misy fisalasalana. Mahazo mandà ny tsy hanatanteraka baiko izy raha tsy misy io soratra io ary ny mpibaiko irery ihany no tomponandraikitry ny vokatry ny baikony raha misy olana na zavatra tsy araka ny tokony ho izy.

Ny lehibeny mivantana sy ny isan'ambaratonga ao amin'ny asany ihany no afaka mibaiko ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra. Tokony handalo amin'ireo lehibeny isan'ambaratonga ireo ny baiko omena olon-kafa.

Sokajy 5. Ny amin'ny fitandremana ireo andinindinin'ny kirakiran-tsolosaina

And. 22 – Ny amin'ny fitandremana ireo fitaovam-piasana

Amin'ny ankapobeny dia voafaritra ao anatin'ny "fitaovana informatika": ny fitaovana informatika ao amin'ny efitrano fiasana: PC, ireo kojakoja (imprimantes, scanner, onduleur, clé USB, disque dur externe, disquette et Cd Rom, sns) sy ny fitaovana solosaina foibe: ny solosaina foibe, ny tambajotra, ny serveurs, sns.

Ny mpampiasa dia tompon'andraikitra amin'ny fampiasana ireo solosaina nomena azy ho ampiasainy.

Izy ihany koa, eo amin'ny toerana misy azy dia mandray anjara amin'ny filaminana ankapobeny sy ny an'ny sehatra misy azy.

Ny fampiasana ireo fitaovana ireo dia atao araka ny tokony ho izy sy araka ny fomba mahitsy mba ialana amin'ny fahasimbana, ny fahaverezana, ny fahafenoan'ny fitaovana na ny fampiasana azy ho an'ny tombontsoan'ny tena manokana.

And. 23 - Ny amin'ny fitandremana ireo logiciels

Ny voambolana "logiciels" dia azo faritana ho ireo fitambaran'ny fandaharan'asan'ny solosaina miaraka amin'ny fitaovana ao amin'ny efitrano fiasana ary koa ireo fampiharana (foibe na tsia) namboarina na efa an'ny fitantanan-draharaha ary nomena malalaka ho ampiasain'ny mpiasa amin'ny alalan'ny tambajotra na koa fomba hafa.

Ny mpampiasa dia tompon'andraikitra amin'ny fampiasana ireo "logiciels" nomena azy ho ampiasainy na nahazoany alalana ny fampiasana azy. Ny fampiasana ireo "logiciels" ireo dia tokony ho araka ny tokony ho izy sy ao anatin'ny fitandremana tanteraka mba ialana amin'ny fahasimbana, ny fampiasana tsy ara-dalàna, ny fahafenoan'ny fitaovana na ny fampiasana azy ho an'ny tombotsoan'ny tena manokana. Ny fampiasana "logiciels" hafa tsy avy amin'ny sampan-draharaha dia voarara.

And.24 - Ny amin'ny serasera : internet, intranet sy ny messagerie

Ny fitantanan-draharaha dia manatsara ny fifandraisany amn'ny daholobe, ny fampandehanana ireo sampan-draharaha sy ny fametrahana ny mangarahara amin'ny asany amin'ny alalan'ny solosaina (internet, intranet, sy ny messagerie).

Ny fitandremana ny serasera, anatiny na ivelany, amin'ny alalan'ny "internet", ny "intranet" na ny "messagerie" dia miainga avy amin'ny fanajan'ny mpiasan'ny Fitantanan-draharahan'ny hetra :

- fampiasana ny messagerie dia tokony ho an'ny asa ihany ;
- ny fijerena ireo toera-manintona mifanohatra amin'ny làlàna, ny maha-olona sy ny fitondran-tena mendrika dia voarara; torak'izany ihany koa ny fanaparitahana na fakàna lahatsoratra na sary mifanaraka amin'izany;
- ny fijerena ireo lahatsoratra na sary miaraka amin'ireo raki-pilazalazana tsy azo antoka dia tokony ialana , tsara ihany koa raha foanana ireo raki-pilazalazana ireo;
- ny mpampiasa ny "messagerie", amin'ny lafiny rehetra, dia tokony manaraka ireo fepetra napetraky ny lehibeny;
- ny mpampiasa ny "messagerie électonique" dia tokony ho mailo hahatam-bava ary tsy afaka milaza izay hitany raha tsy mahazo alalana avy amin'ny lehibeny;
- Tokony mahay mitazona ny tsiambaratelon'ny asa, ireo mpampiasa ny "messagerie", ireo mpandraharaha ara-teknika sy ireo olona voakasika manokana amin'ny resaka fandriampahalemana dia voakasik'izany ihany koa.

And. 25 – Ny amin'ny fitandremana sy ny tsiambaratelo fonosin'ireo andinindininy sy ireo torohay

Ny fitantanan-draharaha dia mitrandraka ireo fikirakirana ny andinindininy ara-elektrônika sy ireo andinindininy notehirizina mba ho entiny manatanteraka ny asa nampiandraiketina azy.

Voafetra ho an'ireo mpiasan'ny Fandraharahana ny hetra nahazo alalana manokana amin' izany ny fidirana ao amin'ny kirarira sy ny vaovao mahakasika izany.

Ny olona nahazo alalana manokana hampiasa ireo torohay ireo dia tokony hahay hanaja ny tsiambaratelo fonosin'izy ireo: izy dia tsy tokony hampiasa ireo afa-tsy amin'ny sehatry ny asany ihany ary ho an'ny tombontsoan'ny sampan-draharaha misy azy.

Ny fitantanan-draharaha dia tokony hanao izay rehetra azony atao amin'ny fiarovana ny kirakiran'ny torohay manoloana ireo: jirika, fidirana an-tsokosoko, amin'ireo virus, sns.

Ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha dia tsy mahazo manaparitaka ireo vaovao fantany na ireo raki-pilazalazana amin'ny fomba tsy ara-dalàna, ny mpiasa tsirairay ihany koa dia tompon'andraikitra amin'ny andinindininy ao anatin'ny solosaina ampiasainy.

Sokajy 6. Fepetra fampiharana

And. 26 – Ny amin'ny Filankevitry ny Fitondrantena

Atsangana mba hanentana, hanapariaka ary hanara-maso ny fampiharana mba ho an'izany mety ho fampivelarana sy mety ho fanatsarana ity Fitsipika ity ny Filankevitry ny Fitondrantena, izay hanana masoivoho isaky ny Ivon-toeran'ny Hetra na vondrona Ivon-toeran'ny Hetra.

Tendren'ny Minisitra Mpiahy amin'ny alalan'ny didim-pitondrana ny mpikambana ao amin'ny Filankevitra sy ny firafitry ny fitsanganan'ireo masoivohony.

Tokony omena enti-manana ampy hahavitany ny asany ny Filankevitra sy ireo masoivohony.

Manara-maso maharitra ny fampiharan'ny mpiasan'ny Fitantanan-draharahan'ny Hetra ity Fitsipika ity io Filankevitra io sy ireo izay ho masoivohony.

And. 27 – Ny amin'ny fahafantarana ity Fitsipika ity

Mandray ny fepetra hahafantaran'izay rehetra miasa eo anivony ny Fitsipi-pitondrantena ny Filankevitry ny Fitondrantena an'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra.

And. 28 – Ny amin'ny fanajana ny Fitsipika

Manana andraikitra hitandro ny fampiharana ity Fitsipika ity ny mpiasan'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra.

Mendrika hahazoam-balisoa avy amin'ny Fitantanan-draharaha momba ny Hetra izay anjara miavaka momba ny fampiharana na ny fanajana ity fitsipika ity.

Ampahafantarina ny Filankevitry ny Fitondrantena avy hatrany ny fandikana ity fitsipika ity.

Afaka mitory any amin'ny Filankevitra izay nanatri-maso na niharan'ny tsy fanajana ny voalazan'ity fitsipika ity.

Afaka mitory any amin'ny Filankevi-pifehezana ny Filankevitry ny Fitrondrantena raha ilaina.

Antananarivvo faha 10 Martsa 2008

NY MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETI-BOLA

Sonia : RAZAFINJATOVO Haja Nirina